Vahiny any Antsiranana

Eny an'elankela-trano,
Eny an-tsisin-dalana eny.
Indreny olona marobe
toa alonalona, raha atao indray mijery.
Dia indreny toa teboka maro loko
miparitaka
dia mitambatra
dia miparitaka indray.
Vao manjavona any ambadiky ny varavarana
tarafin'ny hazavana malefaka.

Hazavana no mameno ny tanàna
Mampitosaka volamena sy volafotsy
eny amin'ny lalana sy ny trano.
Toa ny voasokitra tara-pahazavana tapitra'ohatra
maneho izao rehetra izao
sy ny maha - izy azy.

Dia toa ny afo, tsy hay faritana endrika
ny fofon'ain'ny tsiambaratelo
izay mandefa ny tarany manerana ny tanána.
Mandrehitra lelafom-pahazavana ny masoandro.
Lelafo izay mandihy eny amin'ny tapenaka
toa ny amin'ny nofy.
Mino aho fa ny fanahin'ny efa lasana ireny.

Indray mipy maso niserana
dia noheveriko fa izaho no iresahany.
Amin'ny fitsokan'ny trompetra miafina
sy teny tsy misy feo
izay nivoaka avy amin'ny rivotra manga any amin'ny elankela-trano,
no iantsoany ahy: "Ry vahiny, manaraha ilay manofy ao anatin'ny fanahinao."

© Joachim Sabel